# EPT: Fanovana ny Fanabeazana Fototra, 2008 - 2011



03- Hafatry ny Filohampirenena
05- Vision sy Tanjona
06- Tahaka ny inona moa ny sekolintsika ankehitriny?
07 - Ny Sekolintsika rahampitso
09- Ahoana no tomba ananganantsika ny "sekolin'ny ampitso"?
11- Fanabeazana ho an'ny rehetra maharitra 10 taona
12- Fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny FF1
13- Fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny FF2
15- Boky fianarana
16- Fandraisana sy fanofanana mpampianatra
17 - Fanorenana sekoly
19- Fanapariahana ny fitantanana ara-bola
21- Programa andrana ho fanapariahana ny kantinina
22- Tetiandron'ny Taom-pianarana
23- Dingana holalovan'ny Fanovana (Fotoana fohy ezaka)
24- Fanontaniana toa inona no met y apetrakao?
25- Fanazavana fanampiny
26- Ny lalana vita hatreto
27 - Famaritana vaovao ny an jar a asa sy andraikitra ao anatin'ny Ministera (MEN)
29- Raisin'ny Governemanta ny ampahany lehibe indrindra amin'ny fiadidiana ny Fanovana atao 30- Ahoana no hahafantarantsika fa nahomby isika?
31- Tsara ho tadidy



# Hafatry ny Filohampirenena

Ry Mpiray Tanindrazana,
Ry Mpiara-rniornbon'antoka eto an-toerana sy avy any ivelany,
Ho farnetrahana ny "Sekoly Vaovao ho an'ny Rahampitso" dia hanova ny rafi-pampianarana ao amin'ny fanabeazana fototra 1 sy 2 isika eto Madagasikara hatramin'ny taona 2015.
Nanombokatamin'nytaona 2002 no niarahan'ny Fitondram-panjakana niasa tamin'ireo mpiara-miombon'antoka sy ny sehatra tsy miankina ho fanatsarana ny rafl-pampianarana misy. Nofaritan'ny Madagasikara Arn-Perinasa (MAP) mazava tamin'ny taona 2007 ny safidy sy ny paikady ary ny tanjona hotratrarina dia ny fanovana ny fanabeazana. Hatreto dia efa nahitam-bokatra mivaingana ireo asa notanterahina hananan'i Madagasikara Glana tsara hofana, ahafahany mifaninana amin'ny firenen-kafa sy hahatonga azy ho mpandray an jar a mahomby eo amin'ny toekarena iraisam-pirenena.
Noraisin'ny Fanjakana an-tanana ny fiantohana ny saram-pisoratana anarana ho an'ny fanabeazana fototra dingana 1. Vokatr'izany dia ankizy miisa 240 000 no tombon'ireo tafiditra an-tsekoly tamin'ny taona 2007 raha miohatra tamin'ny taona 2002. Niakatra ny kalitaon'ny fampianarana: nahena ny isan'ny ankizy isan-dakilasy, novokarina ny boky arnin'ny teny roa, Malagasy/frantsay, mba hanatsarana ny tontolo enti-mianatra ary nampiakarina ny fahaiza-mitantana ny rafi-pampianarana ka nampitombo ny vokatra azo. Nofanina manokana koa ireo mpampianatra hahaizany tsara ny votoatin'ny fampianarana sy ny tomba enti-mampianatra. Rehareha ho ahy sy ho antsika rehetra ny nahatanterahana izany fanovana izany.
Betsaka ny vila, maro koa ny ezaka mbola miandry. Tsy ampy ny tahan'ny fidirana an-tsekoly any amin'ny faritra sasany ho an'ny dingana 1 amin'ny fanabeazana fototra. Tena ambany dia ambany ny tahan'ny fidirana an-tsekoly any amin'ny dingana 2 raha oharina amin'ny firenen-kafa. Be loatra ihany koa ny isan'ireo ankizy mitsoaka an-daharana kanefa tsy mbola nahafehy ny famakian-teny sy ny fanoratana ary ny kajy fototra.
Izany no antony nanapahan'ny Fitondram-panjakana hevitra hiroso amin'ny fanovana ny rafitry ny fanabeazana fototra ao anatin'ny fila taona ho avy hahazoan'ny zaza malagasy rehetra man dia fianarana avo lenta sy fenD araka ny zony. Miankina amin'ny ezaka roa loha ny hahatrarana izany fanamby izany.
Tsy tokony hisy ankizy tsy afa-mianatra noho ny tsy fahampian'ny enti-manana eo am-pelatanan'ny ray aman-dreniny, na noho ny fahalaviran'ny sekoly. Ny ankizy rehetra nandia ny fanabeazana fototra 1 koa dia tokony mahafehy tanteraka ny famakian-teny, ny fanoratana ary ny kajy fototra hahazoany manohy ny fianarany na miditra eo arnin'ny sehatry ny asa.
Koa miantso anareo mpiara-miombon'antoka eto an-toerana sy avy any ivelany aho, hiara-dia aminay ho fanatanterahana izany fanovana izany.
Zava-dehibe ny fandraisanao anjara ho fanatanterahana ny fanamby iraisana. Raha ray aman-dreny ianao, alefaso any an-tsekoly ny zanakao ary beazo izy ho lia fianarana. Raha mpampianatra ianao, miezaha mikaroka hatrany ny tomba mahomby hampitanao ny fandaharam-pianarana vaovao. Raha mpiasam-bahoaka ianao, jereo sy tanteraho izay an jar a tandrify anao ho fanovana ny fampianarana. Raha mpiara-miombona antoka ianao, enta ny anjara-birikinao hanorenantsika miaraka ny sekoly ho an'ny rahampitso.
Na inona na inona adidy sy andraikitra sahaninao, ankasitrahana mialoha ny fanamarihana azonao entina hanorenantsika miaraka ny "Sekoly Vaovao ho an'ny Rahampitso".
Homba antsika mandrakariva anie Andriamanitral

**Dr. Marc RAVALOMANANA**

# Vision sy Tanjona

## Fanovana toa inona no ho vita ?

| Fanovana |
| --- |
| Afaka mahavita ny fanabeazana fototra 10 taona avokoa ny zaza rehetra |
| Tafiditra ao amin'ny Taona 1 avokoa ny zaza feno 6 sy 7 taona |
| Mahavita ny 5 taonan'ny fanabeazana fototra fara fahakeliny ny zaza rehetra |
| Mahay mamaky teny sy manoratra ary mikajy avokoa izay zaza rehetra nahavita ny fanabeazana fototra |
| Tsy mitsoaka an-daharana ny ankizy mandritra ny 7 taona ao amin'ny Fanabeazana fototra |
| Tsy hisy zaza tsy afaka hamonjy sekoly satria avy amina fianakaviana sahirana na lavitry ny sekoly |

Ny fanovana atao dia manokatra ny fanabeazana ho an'ny zaza rehetra. Afaka mampitombo ny fahaizana fototra mamaky teny sy manoratra ary mikajy ka hananana ny fahalalana ilaina hoenti-manohy ny fianarana na hiasa avy hatrany izy ireo.

# Tahaka ny inona moa  ny sekolintsika ankehitiny ?



# Ny Sekolintsika rahampitso



# Ahoana no fomba ananganantsika ny “sekolin’ny ampitso ?”

**Ireo fanovana misongadina**

| Fanovana |
|---|
| Fanokafana ny fanabeazana fototra 10 taona ho an’ny rehetra |
| Fanovana tanteraka ny fandaharam-pianarana ao amin’ny fanabeazana fototra 1 sy 2 |
| Fandraisana mpampianatra vaovao miisa 42 400 ho an’ny fanabeazana fototra 1 hatramin’ny taona 2015 |
| Fandraisana ary fanofanana mpampianatra vaovao miisa 6 000 ao amin’ny fanabeazana fototra 2 |
| Fanofanana ny mpampianatra rehetra amin’ny fandaharam-pianarana sy ny fomba enti-mampianatra vaovao |
| Fanorenana kilasy miisa 23 462 ary fanarenana kilasy 22 070 hatramin’ny taona 2015 |
| Fanohanana ny DREN-CISCO-ZAP ary Sekoly amin’ny alalan’ny “Tahiry Fanetsehana ny Fanovana” |
| Fametrahana programa famatsiana kantinina ao amin’ireo distrika 5 tena sahirana ara-tsakafo |
| Fanorenana kilasy ary fandraisana mpampianatra ka atao laharam-pahamehana amin’izany ireo Fokotany tsy mbola manana sekoly |

Adidin’ny Ministeran’ny Fanabeazam-pirenena ihany koa ny mivonona ho amin’ny fanovana takiana

# Fanabeazana ho an'ny rehetra maharitra 10 taona

**Tanjona :** **Fanabeazana fototra 1 hoan'ny rehetra sady maimaim-poana no manakaiky ny mpianatra Fanapariahana ny fanabezana fototra 2 avo lenta**

## Ireo fanovana miavaka

- Fenoina ho 10 taona ny fanabeazana fototra ka 7 taona ny voalohany ary 3 taona ny faharoa
- Tsy mandeha mihoatra ny 2 km ny ankizy rehetra dia mahita sekoly
- Ahitana ny T1 hatramin'ny T5 ny sekoly rehetra
- Ahitana sekoly 4 misy T6 sy T7 fara fahakeliny ny kaominina tsirairay avy
- Ny Sekoly Fanabeazana fototra 2 filamatra dia kendrena hanao tan-tsoroka ireo Sekoly Fanabeazana fototra 2 manodidina amin'ny fampiasana ny fandaharam-pianarana vaovao sy ny fanofanana ny mpampianatra amin'ny fomba fampianarana vaovao
- Ireo ankizy voatery nijanona dia afaka manohy fianarana indray any amin'ny sekoly tsimialonjafy

# Fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny dingana voalohany

**Tanjona :** **Ny mpianatra dia mahafehy ny fahaizana fototra momba ny vakiteny sy ny soratra ary ny kajy ary koa ireo fahalalana sy fahaiza-manao ilaina hanohizana fianarana**

Ny mpianatra dia afaka:
- Mahafehy, araka ny dingana misy azy, ny teny Malagasy
- Mahafehy, araka ny dingana misy *azy,* ny teny frantsay sy anglisy

- Mampiasa ny fahaizana ireo teny ireo amin'ny seha-pifandraisana andavanandro

-Mandray ireo fahalalana fototra sy fahaiza-manao momba ny matematika, siansa, teknolojia, siansa sosialy, zavakai kanto fanatanjahantena izay ahafahana manohy fianarana na miditra eo amin'ny seha-pihariana

- Mampiseho fahaiza-mamorona, fahaiza-mandray andraikitra fahaizana miara-miasa mahomby eo amin'ny asany

- Mampivelatra ny toe-tsaina tia manangan-javatra
- Mirehareha amin'ny maha olom-pirenena manana harentsaina sy soatoavina amin'ny maha-Malagasy *azy*

- Miara-monina tsy misy raorao amin'ny half
- Miatrika ny hoavy amim-pahamatorana sy fahavononana hanova

- Mahalala ny faritra misy *azy* sy ny fireneny ka hahatong mpandray an jara mavitrika eo amin'ny fiainana

# Fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny dingana faharoa

**<u>Tanjona</u> : Ny mpianatra dia manana ny fahalalana sy ny fahaiza-manao ilaina hoenti-manohy fianarana na hiditra eo amin'ny fihariana**

Ny mpianatra dia afaka :

- Manitatra ny fahalalany sy ny fahaiza-manaony amin'ny sehatra manan-danja hivelaran'ny toekarena vaovao

Fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny Dingana faharoa

- Mampiasa ny fahaiza-manao vaovao, toy ny saina tia mamakafaka, fahaiza-miara-miasa ary fahaiza-mifandray amin'ny atrikasa atao

- Manohy fianarana lavidavitra kokoa

| | | | |
|---|---|---|---|
| | Fianarana miainga amin'ny tetikasa<br>Afaka misafidy ny fianarana tiana arahina | | |
| Taona 10°<br>Enimbolana faharoa | Safidy: Anglisy na frantsay enti-miresaka.siansa aplikena sy matematika ary teknolojia, literatiora malagasy, fiomanana hiasa, ary fianarana hafa.<br>*Arakaraka ny toerana misy sy izay tinadin'ny mpianatra dia afaka misafidy ny fiomanana hampianatra any amin'ny sekoly FF1, na ny asa ho an'ny fiaraha-monina, na ny fizarana miasa eny amin'ny orinasa madinika* | | |
| | Siansa sosialy, Malagasy | Siansa aplikena & Matematika, Teknolojia | Fandalinana ny teny frantsay na ny teny |
| Taona 9° | Siansa sosialy, Malagasy | Siansa aplikena & Matematika, Teknolojia | Frantsay Anglisy |
| Taona 8° | Siansa sosialy, Malagasy | Siansa aplikena & Matematika | Frantsay Anglisy |

*Etsy an-daniny, ny fomba fampianarana miala amin'ny mahazatra dia ampirisihana mba hahafahana manomana avy hatrany ny mpianatra hiasa ka hamaly ireo filana sy toejavatra fanararaotra atolotry ny fiaraha-monina sy ny mpampiasa eny am-potony*

# Boky Fianarana

**<u>Tanjona</u> :** **1. Boky fianarana mifanaraka amin'ny Fandaharam-pianarana vaovao no ampiasaina any an-tsekoly**
**2. Boky iray isan'ankizy isan-taranja no tratrarina**

## Ireo karazana boky fianarana hovokarina sy hozaraina any an-tsekoly

| Taom-pianarana | Lohantenin'ny boky fianarana |
|---|---|
| T1 | Malagasy, Kajy |
| T2-T3 | Malagasy, Français, Matematika, Siansa sy Teknolojia, Siansa sosialy |
| T4-T5 | Malagasy, français, Matematika, Siansa sy Teknolojia, Siansa sosialy |
| T6-T7 | Malagasy, français, English, Matematika, Siansa sy Teknolojia, Siansa sosialy |
| T8-T10 | Malagasy, français, English, Matematika, Siansa sy Teknolojia, Siansa sosialy |

### Fanovana miavaka

Mahazo mitondra boky mody ny mpianatra hahafahany mianatra sy manao enti-mody

Mihatsara ny fitantanana ireo fitaovampianarana eny anivon'ny sekoly

Mipetraka tsara ny politika nasionaly momba ny boky fianarana ka mandray anjara mavitrika amin'izany ny sehatra tsy miankina nasionaly

Manana fitaovana fanampiny hoenti-mampianatra ny matematika, teknolojia ary ny siansa aplikena ny sekoly tsirairay

Mitombo isa ny boky voasoratra amin'ny teny malagasy, frantsay, anglisy azon'ny mpianatra vakina ao an-tsekoly ka manjary tia vaky boky izy ireo

# Fandraisana sy fanofanana mpampianatra

**<u>Tanjona</u> :** **1. Mandray sy manofana mampianatra vaovao 42 400 hatramin'ny 2015 ao amin'ny FF 1**

**2. Mandray sy manofana mampianatra vaovao 6 000 hatramin'ny 2015 ao amin'ny FF 2**

**3. Manofana ny mpampianatra mba hahafahan'izy ireo mampihatra amim-pahombiazana ny fandaharam-pianarana vaovao**




## Fanovana miavaka

- Ny mpampianatra T1 – T5 dia raisina any amin'ny toerana misy azy
- Hisy politikam-panofanana mitondra ho amin'ny fivoarana eo amin'ny sehatr ny asa ho an'ny mpampianatra
- Apetraka mazava ny masontsivana handraisana mpampianatra
- Ny Governemanta dia hampitombo ny fanampiany ireo mpampianatra FRAM
- Fanofanana ny mpampianatra hahay mampihatra ny fandaharam-pianarana vaovao

# Fanorenana sekoly

**Tanjona :** **1. Manorina kilasy mahatratra 23 462 hatramin'ny 2015**
**2. Manarina kilasy miisa 22 070 hatramin'ny 2015**

Ireto ny isan'ny kilasy aorina isaky ny dingana hatramin'ny 2015:




| Fanovana miavaka |
|---|
| Hisy paikady nasionaly momba ny fanorenana sekoly |
| Ny fanorenana sekoly dia tanterahina amin'ny Fampandraisana anjara ny fokonolona sy ny kaominina |
| Ny fokontany na ny sekoly mbola tsy manana T1 – T5 feno no omena ny laharam-pahamehana hanorenana sekoly sy/na kilasy |
| Ny fokonolona sy ny kaominina rehetra dia hahafantatra hoe kilasy vaovao firy no anjarany isa-taona |
| Ny kilasy aorina na arenina dia tsy maintsy manara-penitra mba hiantohana ny fahamafisany manoloana ny voina voajanahary |
| Manana rano madio sy kilasy ampy fitaovana toy ny dabilio sy solaitrabe ary mampiasa lavapiringa ny sekoly rehetra |

# Fanapariahana ny fintantanana aara-bola

**Tanjona :** **Omena ny DREN-CISCO, ZAP sy sekoly ny vola ilainy hampandeha ny fanovana**

| Fanovana miavaka |
|---|
| Manolotra fandaharanasa ny DREN-CISCO mba hahazoany ny fankatoavan'ny Ministera (MEN) |
| Manolotra fandaharanasa ny ZAP sy ny sekoly mba hahazoany ny fankatoavan'ny CISCO |
| Omen'ny Ministera ny vola mifanaraka amin'ny fandaharanasany ny DREN-CISCO-ZAP ary ny sekoly |
| Ny vola fanampiny dia alaina amin'ny "Tahiry Fanetsehana ny Fanovana" |
| Ny "Tahiry Fanetsehana ny Fanovana" dia azo ampiasaina hampandehanana ny asa an-davanandro, hiv-idianana fitaovana ho an'ny mpianatra sy ny mpampianatra, hividianana fiara, moto, ary kanokanona |
| Ny fampiasana ny vola dia arahi-maso tsy miato |

# Fanapariahana ny fintantanana aara-bola

**Tanjona :** **Omena ny DREN-CISCO, ZAP sy sekoly ny vola ilainy hampandeha ny fanovana**

| Fanovana miavaka |
|---|
| Manolotra fandaharanasa ny DREN-CISCO mba hahazoany ny fankatoavan'ny Ministera (MEN) |
| Manolotra fandaharanasa ny ZAP sy ny sekoly mba hahazoany ny fankatoavan'ny CISCO |
| Omen'ny Ministera ny vola mifanaraka amin'ny fandaharanasany ny DREN-CISCO-ZAP ary ny sekoly |
| Ny vola fanampiny dia alaina amin'ny "Tahiry Fanetsehana ny Fanovana" |
| Ny "Tahiry Fanetsehana ny Fanovana" dia azo ampiasaina hampandehanana ny asa an-davanandro, hividianana fitaovana ho an'ny mpianatra sy ny mpampianatra, hividianana fiara, moto, ary kanokanona |
| Ny fampiasana ny vola dia arahi-maso tsy miato |

Mitentina 4,1 tapitrisa US$ io « Tahiry Fanetsehana ny Fanovana » io amin'ny 2008

Ampahafantarina ny anjara azon'ny DREN, CISCO, ZAP sy ny sekoly tsirairay avy

# Programa andrana ho fanapariahana ny kantinina

**<u>Tanjona</u> : Mitombo ny isan'ny zaza miditra an-tsekoly ary mihena ny isan'ny mpianatra mitsoaka an-daharana any amin'ny ireo faritra sahirana ara-tsakafo**
**Tetikady: Fitadiavana tetikady mahomby tsy mavesatra ara-bola nefa mahomby ary azo itarina**



**Fanovana miavaka andrasana amin'ny CISCO 5 misedra fahasahiranana ara-tsakafo matetika:**

- Tonga foana ny ankizy ary mandray anjara mavitrika ao an-dakilasy
- Mihamaro ireo zaza miditra an-tsekoly no sady mahavita ny fianarany hatramin'ny farany noho ny fisian'ny kantinina
- Fitantanana mahomby hahafahana manapariaka haingana ny programa kantinina

# Tetiandron'ny taom-pianarana

**<u>Tanjona</u> : Hanova ny tetiandron'ny taom-pianarana mba hampitomboina ny fotoana rehetra ianaran'ny mpianatra**

## Tetikady:

- Fanovana miandalana ny tetiandron'ny taompianarana

- Fanatanterahana fakan-kevitra any amin'ny Faritra

## Fiovana misongadina :

- Tsy misy fiantraikany amin'ny fotoana ianaran'ny mpianatra ints ny :
  - Loza voajanahary (rivo-doza, tondra-drano)
  - Vanim-potoanan'ny orana
  - Fotoanan'ny maitso ahitra
  - Faharatsian'ny lalana
- Hifanandrify amin'ny taona sivily (oh : 2008) ny taom-pianarana (oh: 2007-2008)
- Hifanandrify amin'ny taom-pianarana eny amin'ny oniversite ny taom-pianarana

# Dingana holalovan'ny Fanovana(Fotoana fohy ezaka)

### 008

Ampiharina ny tetikady
asionaly momba ny fanore-
ana sekoly

Ampiasaina voalohany any
min'ny sekolin'ny CISCO
0 ny fandaharam-pianarana
aovao, voapetraka ny
ombana fototra momba ny
avatra hain'ny mpianatra

- Voaray ary ampiasain'ny
distrika 32 ny "Tahiry Hane-
tsehana ny Fanovana"

- Voapetraka ny
programan'asa andrana
kantinina

- Atomboka ny tetikadim-
pifandraisana

### 2009

- Hafainganina ny fanorenana kilasy vaovao

- Ampiasaina amin'ny sekolin'ny distrika 60 ny Fandaharam-pianarana vaovao

- Lany era ny politika nasionaly momba ny mpampianatra sy ny boky fianarana

- Misokatra ho an'ny distrika 70 ny fampiasana ny "Tahiry Hanetsehana ny Fanovana"

### 2010

- Aparitaka amin'ny distrika 119 ny fampiasana ny fandaharam-pianarana vaovao

- Misokatra ho an'ny distrika 119 ny fampiasana ny "Tahiry Hanetsehana ny Fanovana"

- Atomboka ny fanovana ny fandaharam-pianarana Dingana 2

- Itarina araka izay valin'ny tombana natao ny programan'asa kantinina

### 2011

- Tsy mandeha mihoatra ny 2km ny zaza rehetra dia mahita sekoly misy T1 – T5

- Tonga ao amin'ny T10 ny fanovana ny Fandaharampianarana

# Fanotaniana toa inona no mety apetrakao ?

1. Inona amin'ny fanovana no zava-dehibe indrindra aminao?

---

2. Inona amin'ny fanovana no ametrahanao ahiahy?

---

3. Inona no mbola tsy mazava?

---

Raha mila fanazavana misimisy kokoa na haneho hevitra dia:

- tsidiho ny tranokalam-pifandraisana
  - http//www.education.gov.mg (REFORME)
  - sekoly-vaovao.net

- na manatona miresaka amin'ny tompon'andraikitra ofisialy any an-to-erana toy ny DREN, Chef CISCO, Chef ZAP ary Talen-tsekoly,

- na koa miantso ny telefaonina maitso laharana: 080786 na 0203080786

# Fanazavana fanampiny

Ho an'ny mpanapa-kevitra sy ireo te-hahalala bebe kokoa

# Ny làlana vita hatreto

### 2003

- Nanaiky hiadidy ny Fanabeazana ho an'ny rehetra ny Governemanta

### 2005

- Neken'ireo mpamatsy vola ny Planina EPT voalohany
- Nahazo famatsiam-bola mitentina 60 tapitrisa US$ avy amin'ny EFA-FTI Catalytic
- Nanambara ny fanovana ny fanabeazana fototra ny Filoham-pirenena

### 2005 - 2007

- Vita ny tomban'ezaka in-enina miantoana niarahana tamin'ny Mpiara miombon'antoka mikasika ny fanatanterahana ny planina EPT;
- Fanomanan'ny Ministera ny tetikady isa-tsokajiny iatrehana ny fanovana;
- Fakana hevitra tany amin'ny faritra sy teo anivon'ireo solotenan'ny fiaraha-monim-pirenena sy ny sehatra tsy miankina

### 2007

- Neken'ny Governemanta ny planina EPT nohavaozina
- Naroso ary neken'ny solotenan'ny fiaraha-monim-pirenena sy ny sehatra tsy miankina ny planina EPT nohavaozina

### 2008

- Neken'ireo Mpamatsy vola ny planina EPT nohavaozina;
- Natolotry ny World Bank sy ny UNICEF, izay voatendry ho mpitondra tenin'ireo Mpamatsy vola teo anivon'ny komity stratejikan'ny FTI-CF izany,
- Nahazo famatsiam-bola mitentina 85 tapitrisa US$ ho an'ny fanovana mandritra ny 2009 – 2011;
- Nolanian'ny Parlemanta ny fanovana ny rafi-panabeazana;
- Natomboky ny Governemanta ny fanomanana ny tetikady vaovao ho an'ny Ambaratonga 2 ao aorian'ny Fanabeazana fototra


# Famaritana vaovao ny anjara asa sy andraikitra ao anatin'ny Ministera (MEN)

**Tanjona: Tompo'andraikitra isan-tsokajiny mahafantatra tsara ny andraikiny sy ny asa andrasana amin'ny ka afaka mamolalavola drafitrasa mifanaraka amin'ny ny andraikiny ary manantanteraka izany am-pahombiazana**

| Fanovana miavaka |
| --- |
| Vatsiana fitaovam-pitantanana mahomby ny MEN-DREN-CISCO-ZAP sy ny sekoly ho entiny miatrika ireo sahanasa vaventy toy ny: famolavolana drafitrasa isa-taona, fanorenana sekoly, fanofanana mpampianatra, fanavaozana ny fandaharam-pianarana , fitsinjarana ny vola ho an'ny sekoly, fanendrena mpampianatra |
| Voaofana avokoa amin'ny asa ho fampanjariana ny fanovana ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny: famolavolana drafitrasa sy teti-bola, fandraisana anjara amin'ny fahaiza-mitarika sy fitantanana ary fiatrehana ny lafiny teknika |
| Ampitomboina ireo vola tantanina any ifotony amin'ny alalan'ny fametrahana ny "Tahiry Hanetsehana ny Fanovana" |
| Hatsaraina ny sistema fanaraha-maso sy tomban'ezaka |

# Raisin'ny Governemanta ny ampahany lehibe indrindra amin'ny fiadidiana ny fanovana atao

**Loharanom-bola hamatsiana  ny Fanovana, 2008-2011**



# Ahoana no hahafantarantsika fa nahomby isika ?

**Ireo tondrom-pandrefesana ny fahombiazana**

| Ireo tondrom-pandrefesana ny fahombiazana | 2008 | 2009 | 2010 | 2011 | 2012 | 2013 | 2014 | 2015 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Voapetraka ny tetikasa andrana kantinina | ✓ | | | | | | | |
| Voarain'ny DREN 14 sy ny Distrika 32 ny Tahiry Hanetsehana ny Fanovana | ✓ | | | | | | | |
| Lany era ny politika nasionaly momba ny boky fianarana | | ✓ | | | | | | |
| Lany era ny politika nasionaly momba ny asa fampianarana | | ✓ | | | | | | |
| Ampiharina ny tetikady nasionaly momba ny fanorenana sekoly | | ✓ | | | | | | |
| Ampiasaina any amin'ny sekolin'ny distrika 119 ny fandaharam-pianarana vaovao FF1 | | | ✓ | | | | | |
| Ampiasaina any amin'ny sekolin'ny distrika 119 ny fandaharam-pianarana vaovao FF2 | | | | | | ✓ | | |
| Vita ny kilasy 23 462 vaovao | | | | | | | | ✓ |
| Voaray ary voaofana ny mpampianatra vaovao miisa 48 400 | | | | | | | | ✓ |
| Manakaiky ny 100% ny salanisan'ireo mpianatra mahatozo hatrany amin'ny T 5 | | | | | | | | ✓ |
| Mahatratra 65% ny salanisan'ny mpianatra mahatozo hatrany amin'ny T 7 | | | | | | | | ✓ |

## Ahoana no hahafantarantsika fa nahomby isika ?

Raha ilaina:

Jereo ny tranokalam-pifandraisana;

http//www.education.gov.mg (REFORME)

sekoly-vaovao.net

Antsoy ny Tel.: 080786 na 020308078

Manorata amin'ny : " **SEKOLY VAOVAO HO AN'NY RAHAMPITSO** " - **MEN** B.P 331
ANTANANARIVO 101
MADAGASIKARA